Fitondrana Rajoelina 2

Tsy mivaky loha amin'ny olan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra

Tononkira
AMPITAPITAO
Jomaka Ampama 4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 3 jolay 2021 | Laharana 1180 | Vidiny : 400 Ar

Raharaha Gail Borgia 3

Miaro ny tsy azo arovana ny mpanao gazety sy tompon' andraikitra gasy sasany

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Nosy Malagasy : Iles Eparses 2

Ela fidona ny fitondrana Rajoelina

Raharaham-pirenena 3

Efa madivadiva ny fitondrana ankehitriny

Cosfa Cup 2021 Afrika Atsimo 5

Fantaro ireo mpilalao 30 voaantso ao amin'ny Barea

Mpampianatra FRAM Cisco Manakara 2

Tsy nandray karama 14 volana, nihetsika izy ireo

Trangam-piarahamonina 6

Miseho lany ny fisolokiana amin'ny "mobile money"

Tsy fandriampahalemana 5

Mbola tsy hita ireo mpitandro filaminana be fihetsiketsehana tamin'ny 26 jona

Daka kely

Ataovy any amin'ny «Iles Eparses» ny zaridaina botanikan'ialahy isany raha mahery lisany ry Boaikely a !

NOSY MALAGASY : ILES EPARSES

Ela fidona ny fitondrana Rajoelina

Mahakasika ny Nosy Malagasy : Iles Eparses, izao vao nisy fanambarana nataon'ny fitondra Rajoelina tamin'ny alalan'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Malagasy, ho valin'ny fanambarana nataon'ny fitondrana Frantsay, nanamafy fa azy ireo ary ataony valan-javaboahary ny Nosy Sambatra, na ny Nosy Glorieuses, izay nosy Malagasy ary tena an'i Madagasikara. Efa andro maro, na am-bolana mihitsy aza no nivoaka io fanambarana fanamafisaana nataon'ny fitondrana any Paris io, nefa izao vao misy ny valiny nataon'ny fitondrana Malagasy, toy izao izany fanambarana izany :

Manoloana ny famoahan'ny Governemanta frantsay ny didim-panjakana laharana faha-2021-734 tamin'ny Gazetim-panjakana frantsay ny 10 Jona 2021, izay manangana valan-javaboahary arovana ao amin'ny Nosy Sambatra (Glorieuses), ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny malagasy dia manao izao fanambarana izao.

Napetraka ho laharam-pahamehana eto Madagasikara ny fiarovana ny tontolo iainana. Anisan'ny fanamby lehibe nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ny fikajiana ny harena voajanahary tsy manam-paharoa izay ananan'ny Firenena. Raha tsiahivina dia efa notoherin'ny fitondram-panjakana malagasy ny volavolan'ity didim-panjakana ity tamin'ny 18 Mey 2020, narahin'ny antso avo tamin'ny tompon'andraikitra ambony frantsay mba tsy handraisan'izy ireo fanapahan-kevitra samirery mikasika ny Nosy Sambatra (Glorieuses), Nosy Nandalova (Juan de Nova), Nosy Ampela (Europa) na Nosy Bedimaky (Bassas Da India), mandritry ny fifampiresahana eo amin'ny roa tonta momba ireo Nosy ireo.

Tsy miova ny foto-kevitra ijoroan'ny fanjakana malagasy manoloana ny didim-panjakana navoakan'ny Governemanta frantsay ny 10 Jona 2021. Sady fanaovana tsinontsinona ny antso nataon'ny fanjakana malagasy io fanapahan-kevitra samirery io, no mifanohitra amin'ny fanambarana iombonana navoaka tamin'ny fihaonana voalohany notanterahin'ny kaomisiôna iraisan'ny roa tonta ny 18 Novambra 2019. Nifanarahana tamin'izany mantsy fa hotohizina amin'ny fo

Ny Nosy Sambatra, na Iles Glorieuses.

madio ny fifampiresahana hikatsahana vahaolana mikasika ireo Nosy ireo.

Ny Fanjakana malagasy dia mampahatsiahy fa ny fehin-kevitra laharana 34/91 noraisin'ny Fivoriamben'ny Firenena mikambana dia manambara fa an'i Madagasikara ireo Nosy ireo ary mandidy, noho izany, ny Governemanta frantsay : voalohany, hanaisotra ireo fepetra noraisiny izay manohintohina ny fiandrianampirenena malagasy ary, faharoa, tsy handray fepetra vaovao mety hanohintohina ny maha iray tsy anombinana ny tanin'ny Repoblika malagasy, izay mety hisy fiantraikany amin'ny fikarohana vahaolana ara-drariny amin'ny disadisa misy eo amin'i Madagasikara sy Frantsa mikasika ireo Nosy ireo.

Ny Fitondram-panjakana malagasy dia manamafy ny tsy fankatoavany ny fihetsika samirery nataon'ny Governementa frantsay, izay tsy mifanaraka amin'ny fifanekena nataon'ny roa tonta hikatsaka vahaolana amin'ny fomba marim-pototra sy anaty fifanajana eo amin'ny disadisa mikasika ny Nosy Sambatra, Nosy Nandalova, Nosy Ampela ary ny Nosy Bedimaky.

Mahagaga tokoa izao fanambarana nataon'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Malagasy izao, nahoana no tsy vao nivoaka ny fanambaran'ny Frantsay dia namaly ny Malagasy, fa izao fa nanao izany? Efa samy nitabataba daholo ny sokajin'olona maro samihafa teto amintsika, izay vao nanao izao fanambarana izao ny ministera, ela fidona lava izao fitondrana Rajoelina izao.

Isambilo

Depiote Todisoa Andriamapandry

Tsy mahavaha ireo olana samy hafa misy ny fitondrana

Nahitsy ny solombavambahoaka voafidy teny Ambohimanarina Todisoa Andriamapandry, naneho ireo lesoka tsy vitan'ny fanjakana sy nanao mizàna tsindrian'ila, raha nitondra ireo tatitra avy amin'ny vahoaka ireo zavatra tsy mandeha eny anivon'ny distrika, ka mila vahaolana haingana avy amin'ny fitondram-panjakana. Santionany tamin' izany ny resaka rano sy fahatapahan-jiro lava toy ny eny Andranomena, ny tsy fahavitan'ny tohadrano eny Betsimitatatra, resaka fako miavosa, ny tsy fanamboarana sekoly sy lycée, ny karaman'ny mpampianatra Fram sy

Ny depiote voafidy teny amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry.

ny « vacation » tsy voaloa, ary lasa zanak'ikalahafa ny sekoly tsy miankina. Teo ihany koa ny resaka fahasalamana, satria tsy mba manana « ambulance » akory ny Chrd eny Ambohidroa, ny tsy fisian'ny « poste avancé » eny Ambatolampy sy Ambohimitsinjo, ny resaka fifidianana sefo fokontany, sns… Na nisy aza ireo solombavambahoaka misolelaka amin'ny fanjakana dia maro ireo nanampy tamin'ny fanakianana ireo fampanantenana tsy tanteraka hatreto, ka mila vahaolana haingana. Efa nilaza ny Praiminisitra fa ho jerena manokana manomboka izao ny distrika sy ny kaominina amin'ny fampitaovana sy ny resaka fotodrafitr'asa, ka ho hita eo indray izay ho tohiny.

Rajo

Mpampianatra FRAM Cisco Manakara

Tsy nandray karama nandritra ny 14 volana, nihetsika izy ireo

Tsy mbola nandray ny karamany nandritra ny 14 volana ireo mpampianatra Fram any amin'ny Cisco Manakara, faritra Vatovavy Fitovinany. Noho izay angtony izay, nanao hetsika ho fitakiana izany valin-kasasarany izany ireto mpampianatra ireto omaly. Nanao hetsika nanoloana ny Cisco any antoerana izy ireo, naneho ny alahelony ary mitaky ny hamoahan'ny tompon' andraikitra ny Volan'izy ireo 14 Volana, ny vacation: 2018-2019-2020 ary ny Aide speciale izay nampanantenaina. Marihana fa efa ela izy ireo no niandry izany ary efa nisy ny fivoriana niarahana tamindRamatoa Talem-Paritra ny Fanabeazam-pirenena any amin'ny Faritra Vatovavy Fitovinany, ka nitenenany fa efa misy vola tonga ao amin'ny Trésor, na ny Tahirimbolam-panjakana. Ny Mahagaga azy ireo dia efa misy mivoaka tokoa ilay vola, fa isafidianana tavan'olona, ao anatin'ny ZAP iray izay ahitana mpampianatra 30 isa dia 5 hatramin'ny 10 ihany no mahazo 2 volana na 3 volana, ka mitaky fanazavana ny mety ho anton' izany izy ireo, na dia nangataka fanazavana aza fa mbola tsy nahazoana valiny hatreto. Araka ny nolazain'ireto mpampianatra ireto, tsy hijanona hatreo ny hetsika, fa hitohy ny alatsinainy izao, mandrapivoahan'ny subvention ary ny hetsika izay ataony dia itambaran'ny mpampianatra rehetra ao anatin'ny DREN Vatovavy Fitovinany.

Niaina

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

Tsy mivaky loha amin'ny olan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra

Vao nivoaka tamin'ity herinandro ity ny tetiandron'ny taom-pianarana 2021-2022, dia taitra ny ankamaroan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra, indrindra ireo mampiana-janaka any amin'ny sekoly tsy miankina. Nofaritan'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena hanomboka ny 01 Septambra 2021 ny taom-pianarana vaovao. Maro amin'ireo sekoly tsy miankina anefa no nametraka ho faran'ny volana jolay vao mifarana ny fampianarana sy ity taom-pianarana 2020-2021 ity. Toe-javatra maromaro no aterak'izany.

Eo aloha ny fotoam-pialantsasatra lehibe izay tsy hisy afa-tsy iray volana ihany ho an'ny mpianatra. Ary ireo mpiadina hanàla ny fanadinana bakalôrea aza, dia zara raha hisy andro vitsy tsy ianarana indrindra ho an'ireo tsy afa-panadinana. Tsy olan'ny fitondrana anefa izany ary tsy miasa saina ny amin'izany izy.

Etsy ankilan'izay, ny ray aman-dreny manana olana maromaro izay mifototra amin'ny vola izy rehetra. Ny voalohany amin'izany ny fandoavana saram-pianarana. Efa ho 10 volana no nandoa izany izy ireo tamin'izao taom-pianarana nohalavaina hatramin'ity volana ity izao. Vao afaka izany dia hiomana amin'ny vola tsy maintsy aloa ho amin'ny taom-pianarana vaovao, toy ny saram-pisoratana anarana sy saram-pianarana. Manampy trotraka ihany koa ny fividianana ny fitaovam-pianarana takian'ny sekoly, izay tsy maintsy hiaka-bidy indray ireo toy ny isantaona. Tsy maintsy hisy izay fiakaram-bidy izay ary miankina amin'ny fisondrotry ny vidin-tsolika, izay efa resaka natsidika, fa mety hiaka-bidy ato ho ato, ny ho fidangan'izany fitaovam-pianarana izany.

Tsy misy tany iainana sy hakàna bahana araka izany ny ray aman-dreny amin'ny fampianarana ny zanany. Hisy fiantraikany mafy amin'ny fivelomany sy ny kitapom-bolany izany rehetra izany. Hanampahasahiranana mafy araka izany izy ireo hampiditra ny zanany hianatra ho amin'ny taom-pianarana vaovao manomboka izao. Tsy hatao hahagaga raha hisy ny mpianatra hafindran'ny ray aman-dreniny sekoly any amin'izay misy saram-pianarana zakany kokoa, na rehefa tsy afaka mihitsy izy dia halefany any amin'ny sekolim-panjakana ny zanany. Any indray koa anefa mbola baraingo satria misy hatrany ny vola tsy maintsy haloan'ny ray aman-dreny, fa tsy misy ny maimaimpoana. Izany hoe na hihodin-kavia na hihodin-kavanana ny ray aman-dreny, tsy afaka, fa tsy maintsy lany vola hatrany. Ny fahasahiranany izany tsy ho maivana velively. Mety hisy hatrany amin'ny tsy fampidirana an-tsekoly ny zanaka mihitsy aza izany toe-javatra izany. Iaraha-mahalala tsara ny fahasahiranana sy ny fahantrana lalina manjo ny vahoaka amin'izao fotoana izao. Izany rehetra izany anefa tsy olan'ny fitondrana sy ny sekoly no tsy hamakiany loha ihany koa. Ny sekoly tsy miankina dia efa ambara matetika fa ny vola ny azy no voalohany vao ny fampianarana. Niharihary tsara izany na tamin'ny taon-dasa tsy nisian'ny fampianarana kanefa mbola tsy nasiana antra fa notakiana hatrany ny saram-pianarana feno; ary mbola niseho izany tamin'ireo volana roa tsy nianaran'ny mpianatra teo, fa tsy feno ny saram-pianarana. Ny fitondrana ihany koa tsy mivaky loha amin'izany, no sady tsy manana vahaolana momba izany rahateo.

Sôh'son

Ny hetsik'ireo mpampianatra Fram tany Manakara.

Raharaham-pirenena

Efa madivadiva hidaraboka ny fitondrana ankehitriny

Tsy misy ny tranga vaovao eto amin'ny firenena fa ny efa niseho ihany no miverina, raha ny zavamisy iainantsika ankehitriny tonga dia mampitodika avy hatrany amin'ny efa nandalovana teo aloha.

Tanjon'ny Filoha izay nahazo fahefana hatramin'izay ny nangorona manontolo ny andrimpanjakana rehetra, saingy rehefa tonga eo amin'ny faratampony dia mitsororika midina avy eo.

Tamin'ny taona 1991

Lasan'ny Arema avokoa ny andrimpanjakana rehetra toy ny fahefana mpanao lalàna dia ny Antenimierampirenena Entim-Bahoaka momba ny fampandrosoana tamin'izany, ny fahefana mpitsara dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana,ireo olomboafidy sy olomboatendry nifehy ny fokontany, ny firaisampokontany, ny fivondronampokotany, ny faritany, indrindra fa ny fahefana mpanantanteraka nahitana : ny Praiminisitra sy ireo minisitra ary ny Filankevitra Faratampony ho an'ny Tolompiavotana, izay sady mpanantanteraka kanefa manana endrika Antenimierandoholona ihany koa, ny Komity Miaramila ho an'ny Fampandosoana. Teo ambany fibaikoan'ny Filoha Didier Ratsiraka avokoa ireo, kanefa dia tsy tana ilay fahefana fa niporitsaka.

Tamin'ny Repoblika fahatelo tapany voalohany

Olon'ny Hery Velona avokoa no maro an'isa tany amin'ireo andrimpanjakana nisy, sady azy ireo ihany koa ny toeran'ny lehiben'ireo andrimpanjakana ireo, satria ny Filoha Zafy Albert no Filohan'ny Repoblika, ny Pasitera Andriamanjato Richard no Filohan'ny Antenimierampirenena, Ingahy Ratsirahonana no Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, ny Praiminisitra nifandimby dia olon'ny Hery Velona daholo, Francisque Ravony nodimbiasan'i Rakotovahiny Emmanuel avy eo Ratsirahonana Norbert, kanefa dia tratran'ny fampiatoana ny Pr Zafy Albert ary tafaverina teo amin'ny fitondrana indray ny Amiraly Ratsiraka.

Tamin'ny fitondrandRatsiraka nanomboka 1997

Lasan'ny Arema avokoa indray ireo maro an'isa sy ny toeran'ny lehiben'ny andrimpanjakana rehetra, satria ny Amiraly no Filohan'ny Repoblika, ny Praiminisitra dia olona akaiky ny Filoha dia i Rakotomavo Pascal nodimbiasan'i Andrianarivo Tantely, Andrianarisoa Ange no Filohan'ny Antenimierampirenena, Rakotomanana Honore no Filohan'ny Antenimierandoholona ary Indrianjafy Georges Thomas no Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ary ireo Ben'ny tanàna sy tompon'andraikitra tany amin'ny Vondrombahoaka itsinjarampahefana dia nanjakan'ny Arema tanteraka taorian'ny fifidianana Ben'ny tanàna tamin'ny faran'ny taona 1999 ary mbola olon'ny Arema avokoa ireo Governora nifehy ireo faritany mizakatena 6 nisy, kanefa dia resin'ny Filoha Ravalomanana izay Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra ny Amiraly tamin'ny fifidianana filohampirenena tamin'ny 2001.

Tamin'ny fitondrana Ravalomanana

Mitovy amin'ny teo aloha ihany, satria nahazo ny maro an'isa tany amin' ireo andrimpanjakana rehetra ny Tiako i Madagasikara, mazava ho azy fa olona akaiky ny Filoha Ravalomanana avokoa no nahazo ireo toeran'ny lehiben'ny andrimpanjakana toy ny Praiminisitra Jacques Sylla nodimbiasan'ny Jeneraly Charles Rabemananjara, ny Filohan'ny Antenimierampirenena dia Lahiniriko Jean, nodimbiasan'i Jacques Sylla, ny Filohan'ny Antenimierandoholona dia Rajemison Rakotomaharo, nodimbiasan'i Yvan Randrianasandratriniony, ary i Rajaonarivony Jean Michel no Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, nahatafiditra ben'ny tanàna maro ny Tiako i Madagasikara tamin'ny fifidianana 2007, tamin'ny fifidianana depiote teto Antananarivo Renivohitra dia lasan'ny Antoko Tiako i Madagasikara avokoa ny toerana 12, kanefa dia ireny niaraha-nahita ireny ny zavaniseho tamin'ny taona 2009, nisian'ny fanonganm-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina.

Tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina

Niova matetika ny Praiminisitra kanefa dia samy olon'ny Filoha Rajaonarimampianina avokoa, na Kolo Roger, na Ravelonarivo Jean na Solonandrasana Olivier, ny Filohan' ny Antenimierampirenena na dia Leader Fanilo aza fa tsy Hvm dia olona mahatoky an'Ingahy Filoha Ingahy Jean Max Rakotomamonjy, ny Filoha tao Anosikely dia Rakotomanana Honoré nosoloina Hvm iringiriny dia i Rakotovao Rivo ary ny tetsy Ambohidahy dia Jean Eric Rakotoarisoa " azo raisina fa tsy mitombina", izay olon-dRajao tsotra izao tany amboalohany, ireo solombavambahoaka maro izay lany tamin'ny anaran'ny Mapar dia nivadika ho Hvm avokoa ary nanana ben'ny tanàna maro ny Hvm nanerana an'i Madagasikara tamin' ny fifidianana 2015, saingy tsy nahatana ny fahefana ireo satria tsy lany ny Filoha Rajaonarimampianina fa laharana fahatelo.

Ny fitondrana ankehitriny

Na ny fahefana mpanantanteraka na ireo fahefana mpanao lalàna roa tonta, miampy ny fahefana mpitsara dia samy ampihimamban'ny antokon' Ingahy Filoha Rajoelina avokoa, manana ben'ny tanàna maro ihany koa ny vonimboasary, ary tsy azo adinoina ny fisian'ireo Governora any amin'ny faritra izay notendrena tsy manaraka ny lalampanorenana, ambonin'izany ireo mpikambana ao amin'ny Ceni dia efa azy ambongadiny. Saingy ny tantara dia tsy mandainga fa rehefa manana ny faratampony amin'ny fahefana ny mpitondra teto dia tratra izay ilay "pic", ka tsy maintsy hikororosy hitotongana amin'izay, ary ny tsy fahombiazan'ny fitondrana amin'ny lafiny rehetra dia vao mainka manamafy ny fahamarinan'ny tantara, izany hoe efa madivadiva hidaraboka ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Raharaha Gail Borgia

Miaro ny tsy azo arovana ny mpanao gazety sy tompon'andraikitra gasy sasany

Tsy mandry ny tany: misafotofoto ny fiainam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra, manahy ny mbola hidiran'ny valanaretina amin'ny endriny hafa ny ankamaroan'ny Malagasy, manao tantely afa-drakotra ireo manararaotra ny fahefana eo am-pelatanany, mikorosy tsy misy fitsaharana ao amin'ny lavaky ny fahantrana lalina ny sivifolo isanjato maherin'ny mponina eto amin'ity Nosy ity. Any amin'ny Faritra any dia misy vaovao foana isan'andro momba ny tsy fandriampahalemana ary tena mihantsy ireo mpampandry tany mihitsy ny dahalo. Tsapa tokoa fa sady tsy ampy olona no tsy ampy fitaovana ny napetraka hiaro ny vahoaka sy ny fananany, na dia raitra sy manarapenitra tokoa aza ireo fitaovana narantiranty tamin'ny matso nandritra ny fankalazana ny fetin'ny fahaleovantena raha ny teto an-drenivohitra no jerena. Amin'ny toerana sasany dia miandry ireo fonenana na tany nobodoiny sy hananaganan'ireo vahiny fotodrafitrasa ny mpitandro ny filaminana gasy ary mandroaka ireo tompon-tanindrazana amin'ireny toerana ireny. Noroahina tany amin'ny toerana fitrandrahana harena ankibon'ny tany ny vahoaka efa nanao antompivelomana izany ary mbola ireo lazaina fa mpiaro ny vahoaka sy ny fananany ihany koa no miambina ny toerana ary mampiditra olona voalaza, fa ampiasain'ny manampahefana hitrandraka. Araka ny vaovao ihany anefa dia mirongatra izay tsy izy ny asan-jiolahy amin'ny toerana manodidina itony toerana itony. Raha hitandro ny filaminana marina no ampiasana ireo ao anivon'ny foloalindahy ireo dia tokony haparitaka any amin'ny Faritra ampihorohoroan'ny dahalo izy ireo. Tsy izany toe-javatra izany ihany no manahirana ny vahoaka, fa tsy mitsaha-miakatra isan'andro ny vidm-piainana, ka na dia ny olompirenena mikarama isam-bolana aza dia mifohofoho volo ka folo na dimy ambinifolo andro ihany no hany azo antoka fa mahavidy ny haninkohanina. Mampitombo ny tsy fandriampahalemana sy ny fahantrana ihany koa ny tsy fisian'ny asa sy ny fahaverezan'asa ary ny fandefasana mpiasa hitsahatra ara-teknika amin'ny asany (chômage technique). Mitombo izay tsy izy ny mpivarotra eo amin'ny sehatra tsy ara-dalàna (secteur informel), izay mameno ny sisin-dàlana an-tanàn-dehibe, etsy an-kilany kosa dia maro be ireo mitangorona eny amin'ny fanariam-pako mitsindroka izay hitany na dia efa masiso aza izany. Tsy vitsy koa manao tafo lanitra izay mivihivihy ny hatsiaka satria voaroaka tamin'ny trano noho ny tsy fahaloavana hofan-trano. Mihorohoro ny valalabemandry manoloana ny fahefana mpitsara satria ny fahitana azy dia tsy mitsara araka ny lalàna sy ny zava-misy marina ny didy mivoaka, fa arakaraky ny olona mandalo eo amin'ny fitsarana. Misy koa ny olompirenena izay na fatam-poko, fatam-pirenena izao aza fa nandika lalàna dia tsy mandalo famotorana sy fitsarana ka miriaria any foana. Tsy takona hafenina koa fa misy lalàna ketrehina hikendrena olona iray ihany, fa tsy mifantoka amin'ny mety ho fiarovana ny fahamarinana sy ny marina amin'ny ankapobeny. Tsy eny anivon'ny fitsarana tsotra ihany no misy ity toe-javatra ity fa na dia eny amin'ny fitsarana azo lazaina fa fitsarana toe-draharaha manokana toy ny fifanolanana misy eo amin'ny fampiharana ny lalàmpanorenena sy ny ady amin'ny kolikoly aza. Zava-doza iray lehibe mitranga eto amin'ny Firenena tato anatin'ny herinandro vitsy ny kere any Atsimon'ny Nosy satria dia lasa adihevitra eran'izao tontolo izao eo anivon'ny fahitalavitra sy ny tambazotran-tserasera ny vaovao navoakan'ilay mpanao gazetin'ny France-24 Gail Borgia. Ny tena manahiran-tsaina ny maro dia miaro ny tsy azo arovana ny mpanao gazety gasy sy ny tomponandraikitra sasany. Tsy azo lavina ary tsy azo odian-tsy hita ny taolana mifono hoditry ny mpiray firenena any Atsimo sy ny hetsika ataon'ireo vondrona iraisam-pirenena sy sampan-draharaham-pirenena mpanao asa fampandrosoana manampy azy ireo. Araka izany dia mampandry adrisa sy mangoron-karena mambotry ny mpiray Tanindrazana aminy no ataon'izao fitondrana izao, fa tsy mikatasaka izay hanafahana ity Firenena ity amin'izao loza mianjady aminy izao. Tsy azo ovaina ary tsy azo kosehina na fafana ny tantara, ka na iza na iza olompirenena manao ratsy amin'ny mpiarabelona aminy na mamadika Tanindrazana dia ny mpiray Tanindrazana aminy ankehitriny no manana zo hanameloka sy hitsara azy, fa ny tantara kosa dia raketina an-tsoratra hipetraka ho an'ny taranaka araka izany.

Andry Tsiavalona

TONONKALO

Mihaingo ambony tsikoko

Ahoana ilay mihaingo eo ambony tsikoko ?
Tahaka anareo tia mihosotro loko,
Ka hoenti-midedaka sy mihoerahoera,
Dia volomboasary ihany no aderadera !

Dia toy ny mamiratra be izay jerena.
Toa tsisy mahantra amin`ity firenena,
Fa `zay tsara ihany no aseho sy tenenina.
Ireo ratsy kosa dia afinafenina.

Dodona foana amin`ny zava-tsy ahoana.
Ny maro amin`ny gasy kanefa efa noana.
Laharana, tena efa mampihisitrisitra,
F`efa ny farany alohan`ny gisitra !

- Ahoana ilay mihaingo eo ambony tsikoko ?
Tahaka anareo ilay mpiombona antoko,
Variana amin`ny bizina tena voretra
Ka `nareo ihany no hany miletra.

F`iretsy vahoaka madinika kosa,
Dia toa mihareraka sy mihaosa,
Fa sendra mpitarika tsy azo ianteherana.
Tsy olon`ny fo sy tsy misy fitserana !

… `Nareo, raha ivelany, mahafatifaty.
Rehefa akekezina anefa lo aty !
Satria tena ankosotra sy saron`endrika,
Ity ilay manintona sy maharendrika !

DADAN`i RIANA (30-06-21)

MPANAKANTO « SAMSON KAED »

Manandratra ny maha malagasy

« Smk'» Mikol'Art, io no solonanarana entin'i Samson Kaed, mpanakanto manavia manavananana eo amin'ny lafiny famoronan-kira, fandrindrana ary miezaka mampahafantatra hatrany ireo soatoavina tarafina amin' ny fomba amam-panao, fiteny, fitafy anatin'ny kanto jariany ihany koa izy. Ity farany izay zanak' Antalaha.

Ny mozika mihetsika toy ny rap, afro beat no voizin'i Samson kaed. Laroiny amin'ireo mozika nentim-paharazana malagasy toy ny baoejy, batrelaky, salegy, antosy, … ihany koa ireo sanganasany. Mampiavaka ny tononkirany ny fahenoana ny hafatra raiketin'izy ireny izay mahakasika lafim-piainana marolafy ankoatry ny fitiavana. Noezahana ho tsotra ny fomba ampitana ny hafatra, hoy i Samson Kaed ary ho sahaza ihany koa ny sokajin-taona rehetra.

Samson Kaed, manandratra ny soatoavina malagasy hatrany.

Manao fikarohana, manapariaka

Tsikaritra anatin'ny sanganasan'ity mpanakanto ity ny fahenoana gadona miisa 02 hatramin'ny 03 anatin'ny hirany iray. Voka-pikarohana efa antaonany maro ary mbola mitohy ankehitriny no nahazoana azy io, hoy i Smk'. Heno anatin'ny mozika lalaoviny ihany koa ny fisian'ny « Jijy » eny antsefatsefan'ireo vazony ary ny fampiasana ireo tenim-paritra avy amin'ny lafivalon'ny Nosy. Misy voambolana efa tsy faheno ankehitriny nefa efa nisy hatramin'izay ihany koa entin'i Samson Kaed mandrafitra ireo tononkirany.

Ampahany amin'ireo hira ahafantarana azy efa vita rindran-tsary ary efa tazana sy heno anivon'ireo haino aman-jery ny « Vangie ely », izay manainga ny fitondram-panjakana sy ireo tomponandraikitra mba tsy hanao an-jorombala ny momba ireo tantsaha mpamokatra ny sakafo jifain'ny Malagasy. Mendrika ny hanana fotodrafitrasa sy hiaina fampandrosoana ihany koa izy ireo, hoy i Samson Kaed.

Ankoatry ny fiezahana hanapariaka ireo taokanto mirakitra soatoavina ho an'ireo mpiray tanindrazana dia efa niampita ranomasina ihany koa i Samson Kaed nampahafantatra ho an'ireo teratany vahiny ny hakanton' ny mozika nentim-paharazana malagasy izay mirakitra fahendrena nentin' ireo Ntaolo nandrindra ny fiainam-piaraha-monina ankapobeny fahagola.

Lalasoa R.

Mazotoa mihira

Sambany eto amin'ny gazetintsika ny hamoaka hira Vakisaova izay nanana ny lanjany tamin'ny taona 1976 isika, novazoin'ny Jomaka Ampahamarinana na ny Hazo Midoroboka, hira tolona maneho fa miray hina isika malagasy ary vonona handrodana ny mpambotry vahoaka.

AMPITAPITAO

Iee iee iee iee
Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy mazava
Fa ny vahoaka (no tompony)
Ampitapitao fa izany no ilaina
Dia ataovy mazava
Dia aleo ho tonga saina
Fa isika vahoaka (mitolona)
Tsy misy mitsoaka Tsy misy mitsoaka
Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy mazava
Fa ny basy mipoaka hampangina ny rariny (Marina e) Ampahafantarina ary ny vahoaka
Satria miaramila milanja basy
Dia ny vahoaka no nipoirany
Dia ny vahoaka (tifiriny) Dia ny vahoaka (tifiriny)
An'iza ny basy, an'iza ny angady An'iza ny saina, an'iza ny vola An'iza ny sandry, an'iza ny tany Antsika daholo daholo daholo e! Ieee (x8)

Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy mazava Izany no hevitra (ka lazaina) Ampahafantarina ary ny vahoaka
Satria ny sasany milanja basy
Dia ny vahoaka (tifiriny) Dia ny vahoaka (tifiriny)
Dia ny vahoaka aaa Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy mazava Isika miraikitra (tsy dia maninona) Fa hery kely no an'ny vahoaka
Satria ny marina no hajoro
Dia ny vahoaka (mitolona) Dia ny vahoaka (mitolona)
Dia ny vahoaka (mitolona)
An'iza ny basy, an'iza ny angady An'iza ny saina, an'iza ny vola An'iza ny sandry, an'iza ny tany Antsika daholo daholo daholo
e! Ieee (x8)
Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy mazava
Fa ny vola no lasa (tsy dia maninona) Ny vola tsy miantoka fitondrana
Ny fanjakana no manambola
Dia ny vahoaka (mikofoka) Dia ny vahoaka (no tsemboka) Dia ny vahoaka (mitolona)
An'iza ny basy, an'iza ny angady An'iza ny saina, an'iza ny vola An'iza ny sandry, an'iza ny tany
Antsika daholo daholo daholo e! Ieee (x8)
Ampitapitao amin'ny namako any

Ataovy mazava Fa ny vahoaka (no tompony)
Ampitapitao fa izany no ilaina Dia Ataovy mazava Dia aleo ho tonga saina
Fa isika vahoaka (mitolona) tsy misy mitsoaka tsy misy mitsoaka Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy mazava Fa tsy mitsoaka fa hihinana (Marina e) Ampahafantarina ary ny vahoaka
Ny miaramila milanja basy
Dia ny vahoaka (tifiriny) Dia ny vahoaka (tifiriny) Dia ny vahoaka aaa
An'iza ny basy, an'iza ny angady An'iza ny saina, an'iza ny vola An'iza ny sandry, an'iza ny tany Antsika daholo daholo daholo
e! Ieee (x8) Ampitapitao amin'ny namako any
Ataovy malaza amin'ny namako any
Fa ny vahoaka no tompony
Tsy maintsy mandresy ny tolona
Satria ny vahoaka mitolona
Tsy maintsy mandresy ny tolona?

Mpamorona : Tsilavina Ralaindimby
Mpihira : « Hazo midoroboka
« Jomaka Ampama

Sakafo Ny Valosoa

Trondro nolafihana voanjobory indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinalo androany. Mety avokoa na trondron-dranomamy, na trondron-dranomasina. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo amin'ny fandomana tongotra anaty koveta misy rano mafana amin'ny alina

Ny soa azo avy amin'ny fandomana tongotra anaty koveta misy rano mafana amin'ny alina indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mitondra fahasalamana be ara-tsaina sy ara-batana ny fanaovana azy matetika, indrindra raha vehivavy manana toetra kizitina sy mora misafoaka. Rano mamay nasiana sira kely + voasary makirana no handomana azy dia rehefa mangatsiaka ny rano dia hesorina ao ny tongotra. Sady manatsara ny fikorinan'ny rà izany no manatsara ny hoditry ny tongotra sy ny hoho ihany koa. Afa-bizana sady maivamaivana rehefa avy mandona tongotra io. Atao isan'andro rehefa alohan'ny hatory, mety na lahy na Vavy na tanora na zaza.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Kandreho any amin'ny distrikan'i Kandreho, faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Kandreho, any amin'ny distrikan'i Kandreho faritra Betsiboka indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Kandreho, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Kandreho ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, voanio, ny raphia, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, katsaka,… Mpiompy omby ihany koa ny amin'ity toerana ity.

NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Fa ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin' ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia,"

I Timoty 4:1

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Tsy fandriampahalemana an-drenivohitra

Mbola tsy hita aloha hatreto ireo mpitandro filaminana be fihetsiketsehana tamin'ny 26 jona

Mboux Rajaofera: tsy andro alina be fa vao amin'ny 7 ora hariva ary tsy any an-kodahoda fa etsy akaikin'ny Sénat Anosy. Afak'omaly, jiolahy miisa 6 nanendaka mpianaka avy nandevina, hody eny Tanjombato. Lasan'izy ireo ny karapanondro sy finday ary vola. Nodarohana sy noratrain'izy ireo izy mianaka. Avy eo, nopotehan'izy ireo ny moto-ny. "Nijanona teo Anosy eo ampitan'ny Sénat fa hividy nem izahay. Kanjo nisy lehilahy 2 niaraka nila vaniny taminay. Tampoka teo lasa 6 izy ireo no nilako anay. Sady nanendaka zareo no namono. Rehefa lasa ny finday dia nantsoina ary mbola noraisiny. Mbola nanompa ihany izy ireo ary avy eo novonoiny ilay finday". "Nisy tamin'ireo olona nijery, nanararaotra nilako ny dadako ; dia misy amin'ireo mpivarotra milaza mahafantatra ireo olona maro namono anay, fa tsy sahy milaza noho ny asany", hoy ny fanazavany.
Polisy 3 lahy no tonga nijery ny zavanitranga, saingy nandalo dia niserana ihany, araka ny voalazan'ny niharan'ny herisetra hatrany. Marihana fa vao tamin'ny taon-dasa no nisy talen'ny EPP matin'ny mpanendaka ihany koa teo Anosy, rehefa avy nanatitra antontantaratasy tany amin'ny chef ZAP lehibeny.

Irina Matthew Andrianaivoniaina : aiza lay avy ni-style nanao matso tamin'ny 26 o? Aody o? Nga moa reny tsy nandanina vola be o? tokony hiaro ny vahoaka sy ny fananany o!

Lucianot Hajatiana : fa inona ihany ny asan'ny police manapaka bus ihany ve? fa tsy manenjika mpanendaka!

Ranaivoharivony Marie Sonia : lay police eo @ io rond point io zany raha ny fahazoako azy d natokana ho an'ny fiara tsy manara-dalàna ihany, fa na misy maty aza eo, ka tsy fiara d miserana fotsiny zareo mampalahelo, nefa d eo foana isanandro, sa miandry karama angamba, miandry hotra angamba.

Njaka Randria : nefa raha vao misy na dia bus iray mitondra gony misy entana iray eo @ lalana io, tonga zareo d miseho mahay ny asany be nefa olona efa ho faty ery jerena fotsiny. Tsisy basy ngamba zalahy!

Saturnin Mbeloson : eo @ rond point akaiky eo dia misy polisy miasa foana andro aman'alina nefa dia miha-betsaka ny olona milaza fa voaendaka amin'ny andro harivariva manodidina eo Anosy eo.

Lanto Andrianavalona : tsy maintsy mbola ho tratra lisany ry mpanendaka na ho ela na ho haingana, mila miray hina koa isika, fa tsy mitazam-potsiny ze voahendaka.

Nathalie Sam : rehefa tsy hiasa ihany polisy, mivondrona ny mpanao arts martiaux hamehezana ireo olon-dratsy. Soson-kevitra ny ahy.

Tsila Andria : efa misy kianja manarapenitra be eo Mahamasina ko ahoana ianareo no voaendaka eo Anosy le!

Volasoa Rabeholinantenaina : avoahay lay mpitandro ny filaminana maro be ireny be geste sy be fitaovana ireny ,@ zao tsy fandriampahalemana izao no ilana azy ireo, nefa tsy hita aloha izaany hatreto, sa natao hanenjehana mpanohitra sy izay sokajin'olona samy hafa mihetsika indray ireny.

Fitia Tianah Raharimanitra : izao no zavamisy hiainan'ny vahoaka , rehefa misy Matso dedaka ery mampidera ireny Mpitandro ny Filaminana be dia be ireny, fa eny amin'ny fiainana andavanandro tsy hita anefa eny no ilàna an'azy ireo. Tsaroako nisy fotoana mba nanao be midina ny PM sy ny Mpitandro Filaminana, fa izay ihany dia tsy hita intsony, raha notohizana ireny anefa dia efa nilamina ny tany. Ontsa anao aho ry Fireneko. Tsy ho Masina mihitsy ny Tanindrazana, fa efa tsy fiainana intsony no iainan'ny olona.

George Derrieux : io zany ze tratra manendaka tonga dia ataovy manenganiny.

Liva Zina Randria : tsy ampy iray kilometatra miala ilay fanaovana démonstration isaky ny 26juin nefa eo amin'ny Sénat Anosy eo.

Michel Raharison : fa aiza moa izany ireo mpitandro filaminana be fihetsiketsehana tamin'ny 26 juin tokoa? toa tsy mahaaro vahoaka mihitsy amin'ny insécurité.

COSFA CUP 2021 AFRIKA ATSIMO

Fantaro ireo mpilalao miisa 30 voaantso ao amin'ny Barea

Nanomboka tamin'ny 30 jona 2021 lasa teo ny fampivondronana an'ireo mpilalao 30 voaantso, hifantenana an'ireo izay handeha hiatrika ny lalao Cosafa Cup, ho tanterahina any Port Elisabeth, Afrika Atsimo ny 07 ka hatramin'ny 18 jolay 2021 ho avy izao. Mpiandry harato : Joma (Jet Kintana), Manda (Ajesaia), Nina (As Adema) Vodilaharana : Tony (Elgeco), Hajatiana (Jet Kintana), Arisa (Five Fc), Jean Bruno (As Adema), Théodin (Fosa Juniiors), Bancé (Five Fc), Berajo (Cosfa), Naina (Cosfa), Avizara (Fosa Juniors). Irakiraka "defensifs" : Baggio (Cffa), Tsiry (Ajesaia), Pierre Michel (Fosa Juniors), Andy Nantenaina (Cs Disciple). Irakiraka « offensifs » : Veve (Five Fc), Doddy (Jet Kintana), Armando (Cs Diciple), Rojo (Ajesaia), Menakely Ricardo, Tsito (Jet Kintana), Lalaina (Cs Disciple), El Hadary (Ajesaia), Onja (As Adema). Lohalarana : Jean Yves (Fosa Juniors), Njiva (Nongbua Fc), Hasina (Cs Disciple), Abedi (Fc Metal), Andonilaina Santatra (Zanak'Ala Fc), Rinjala (Fosa Juniors). Head Coach : Amada Aboudou, Assistant Coach : Rija Juvence.

Ireo Barea nantsoina hiatrika ny Cosafa Cup.

Rainilita

Makis Malagasy 3 tonta

Efa tonga any Nairobi sy any Abidjan

Efa tonga soa aman-tsara any Nairobi renivohitr'i Kenya sy any Abidjan Côte d'Ivoire, ireo delegasiona Malagasy eo amin'ny taranja Rugby nahitana mpilalao 73, mpitsabo niisa 3, mpanazatra 3, mpitsara lalao 1 ary filohana delegasiôna miisa 3. Ny Makis seniors vehivavy dia hifanandrina amin'ny Kenya ao anatin'ny fiadiana ny " Rugby Africa Women's Cup", izay atao ao Kenya ihany. Ny Makis U20 kosa dia hiatrika ny "Barthès Trophy" ao Kenya ihany koa, ary tafiditra ao anatin'ny vondrona A miaraka amin'ny Kenya sy Tunisie ary Zambie. Ity farany izay tafiditra anatin'ny fifanintsanana hahazoana tapakila ho any amin'ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany latsaky ny 20 taona. Ny Makis seniors lehilahy dia hiady ny ho tompondakan'i Afrika na "Rugby Africa Cup 2021" ao Abidjan, ary hifanandrina amin'i Côte d'Ivoire sy Namibie. Ity lalao ity dia tafiditra ao anatin'ny fifanintsanana hahazoana tapakila amin' ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany, izay hatao any Frantsa amin'ny 2023. Ireo lalao hatrehan'ireo Makis Malagasy : Sabotsy 3 Jolay 2021 Sénégal # Madagascar (U20 Barthès Trophy). Sabotsy 3 jolay 2021 Kenya Lionesses # Madagascar-11h00 (RAC women): Senegal U20 # Madagascar U20 - 13h30 (U20 Barthès Trophy), alahady 11 jolay 2021 Kenya # Madagascar – 11h00 (RAC Women), Kenya U20 # Madagascar U20- 13h30 (U20 Barthes Trophy).

Mpilalao Makis any Nairobi.

Rainilita

Hazakazaka am-bisikileta

Miditra amin'ny dingana faha-8 ny Tour de France 2021 anio

Miditra eo amin'ny dingana faha-8 ny fifaninanana hazakazaka am-bisikileta « Tour de France 2021 » anio sabotsy 3 jolay 2021, ka ny lalana hampitohy ny tanànan'i Oyonnax Ain, amin'i Grand-Bornand : 151 km no hatrehan'ireo mpifaninana amin'izany. Hatreto aloha dia fantatra fa mbola mitarika an'isa vonjimaika ilay teratany Britanika Mark Cavendish .

Tour de France 2021.

Rainilita

AMBATOLAMPY

Miseho lany koa ny halatr'omby

Ahitana halatr'omby koa amin'izao fotoana ny any amin' ny distrikan'Ambatolampy faritra Vakinankaratra. Noho ny ezaky ny zandarimariam-pirenena any an-toerana, omby halatra 5 no azon'izy ireo, mbola tsy hita kosa anefa hatramin'izao ny tompon'ireo omby very ireo. Ny 1 jolay 2021 tamin'ny 08 ora maraina, dia nisafo kizo toy ny fanaony ny zandary tao amin'ny tobimparitry ny zandarimariam-pirenena Ambatolampy, tao amin'ny kizo antsoina hoe Ambatoharanana kaominina Andravola Vohipeno sy Tsiafanjavona Ankaratra, distrikan'Ambatolampy, no nahitan'izy ireo omby miisa 5. Tsy misy nilaza ho tompony, sady tsy mahafantatra izay mety ho tompony ireo mponina manodidina.



Ireo omby very mbola tsy hita tompo any Ambatolampy.

Toy izao ny momba ireo omby ireo: vositra sada mainty, reniny manja mainty, bory sofina havia, nitsoaka ny tandrony havia, zanany lahy manja mainty, reniny sada mena paika handrina fotsy Rambo ary zanany lahy manja mavo fotsy loha fotsy tongotra aoriana. Notanana am-bala famonjana mandrapahahita izay tompony ireo omby ireo. Izay mahafantatra olona very omby dia tokony hampandre ny mpitandro filaminana any antoerana ary hitondra taratasy fanamarinana. Ny zandarimariam-pirenena dia manentana ny rehetra mba hisafo matetika ny valan'omby, hanara-maso ny olona mampiahiahy ary hampandre haingana ny zandary, raha vao misy trangana halatra na tsy fandriampahalemana miseho.

Stefa

Trangam-piarahamonina

Miseho lany ny fisolokiana amin'ny "mobile money"

Hita eny anivom-piarahamonina amin'izao fotoana ny fisolokiana amin'ny alalan'ny "mobile money", na ny fakana sy fandraisana vola amin'ny alalan' ny finday, toy ny nitranga tany Antsiranana, faritra Diana. Lehilahy iray 39 taona no tra-tehaky ny zandary misahana ny heloka bevava tao Antsiranana, noho ny resaka fisolokiana.

Nilaza ity farany fa tompona "Bijoutier" ary mikasa hividy firavaka volamena, ka amin'ny alalan'ny "mobile money" no hanefany izany, izay mitentina 2 tapitrisa ariary. Ny fomba fiadiny dia alefany amin'ny alalan'ny hafatra na "message" tsotra fa tsy "transaction" ary hampitomboiny ilay vola nolazainy fa ho alefany. Avy eo izy miantso ilay olona ka mangataka ny hamerenana ilay vola mihoatra izay mitentina eo amin'ny 3 tapitrisa ariary. Ramatoa iray anisan'ny lasibatra no nametraka fitarainana teny anivon'ny zandary. Taorian'ny fikarohana natao dia sarona tao Nosy-Be ilay lehilahy mpisoloky ary fantatra nandritra ny famotorana, fa mampiasa karapanondro roa samihafa io mpisoloky io, ary anarana samihafa ihany koa no ampiasainy fa ny sary iray ihany. Rehefa natao ny fanarahamaso mikasika ilay kaonty "mobile money" fampiasany ary misoratra aminy dia hita fa mahazo hatramin'ny 10 tapitrisa ariary isan-kerinandro ranamana, izay vinavinaina ho efa maro ny olona lasibatra.

Tsy lany atao ireo mpisoloky amin'ny alalan'ny finday, ka aleo malina hatrany.

Ilay lehilahy mpisoloky amin'ny alalan'ny "mobile money" (afovoany), tratra tany Antsiranana.

Niaina

Rangahy mpijangajanga

Nalemy 3 taona teo am-pandriana

Mangidy raha mangidy ny mahazo ahy hoy ny vadin' ity rangahy ity. Isaky ny miditra an-trano ilay vadiko dia sady manompa no mikasi-tànana mihitsy. Sady henatra amin'ny fiaraha-monina, no mbola mamono ihany koa, ka tsy zakako intsony hoy ramatoa fa aleoko miala sao maty eto aho. Taty aoriana anefa dia nivadika nalemy ilay rangahy. Sendra olona nahafantatra an'i Jessica 0338739541 mpitsabo eny Mandrosoa Ivato no hitany, ka nitantarany ny fahoriany. Vao nitantara ny nanjo azy ilay ramatoa dia izao no valiny : tratry ny tsitiamainty sy ny ody fitia ny vadinao hoy izy, satria nisakaiza tamina tovovavy iray avy any amin'ny faritany noho izy janga sy tsy mifidy vehivavy, ka tsy namelan'io tovovavy io raha tsy nandraingiraingy sy tsy tompon'ny tenany intsony, satria tratry ny ody mahery tao anatin'ny telo taona mahery ka nalemy no niafarany. Notrorin'ity mpitsabo ity ilay rangahy ary nampisotroiny rano manokana. Teo ihany dia gaga sy talanjona ny rehetra, fa nanjary nahahetsika sy nifona tamin'ny vadiny, fa nijangajanga tokoa izy . Hanova zavatra izay fifonanao izay hoy ilay mpitsabo fa mbola mila miverina aty amiko ianao. Herinandro taorian'iny dia niverina teny aminy izy mivady ary efa niha-tsara, ary afaka iray volana dia nahatsangana tanteraka sy afaka niasa ihany koa. Niaiky izy roa fa raha tsy notsaboina teny Mandrosoa Ivato dia saika tsy vanona ny tokantranony, satria efa leo tanteraka ilay ramatoa ary nikasa hisaraka mihitsy.

Namana

Marovoay faritra Boegny

Misy mpanao trafikana hazo sarobidy tsy ara-dalàna

Ahitana fanaovana trafikana hazo sarobidy tsy ara-dalàna ankehitriny ny any Marovoay faritra Boegny. Noho izay antony izay, miezaka miady amin'izany ny mponina, ny mpitandro filaminana ary ny mpiasan'ny tontolo iainana any amin'izany distrika izany. Vokany: botry iray mitatitra hazo sarobidy no tratran'ny zandary ao amin'ny borigadin'ny Zandarimariampirenena ao Manaratsandry, Distrikan'i Marovoay tao amin'ny tanàna antsoina hoe Antafian'Arangajao tamin'ity herinandro ity. Nahazo vaovao mahakasika izao fitrandrahana tsy ara-dalàna izao ny Zandary. Avy hatrany dia nampahafantarina ny Tonia Mpampanoa Lalàna ao amin'ny Tribonalin'i Mahajanga sy ireo tompon'andraikitra isan'ambaratongany. Olona roa no voasambotra ary tazonina ao amin'ny Borigadin'ny Zandarimaria ao Manaratsandry. Ny mpitandro filaminana dia manentana hatrany ny rehetra hizara vaovao amin'ny tompon'andraikitra, raha mahita fitrandrahana tsy ara-dalàna ny harem-pirenena.

Aly

Ireo hazo sarobidy nentina botry tany Marovoay.

Sembana ara-batan'ny sekoly Fjkm

Nentina am-bavaka ireo hiatrika fanadinana

Nentina am-bavaka ireo mpianatra manana fahasembanana ara-batana hanala fanadinana Cepe amin'ny talata ho avy izao, ka ireo katitakely avy amin'ny sekoly Fjkm, no notsofin-drano sy nentina am-bavaka tamin'izany, izay notarihan'ny teo anivon'ny biraon'ny mpiandraikitra foibe Fjkm . Notolorana fitaovam-pianarana ihany koa izy ireo, ary mbola nahazo fitaovana hafa toy ny solomaso, solon-tongotra sy solon-tsofina ihany koa, fiaraha-miasa tamin'ny mpiara-miombon'antoka. Ankoatr'izay, dia mbola notolorana mari-pankasitrahana ihany koa ireo mpampianatra enina mianadahy izay niantsoroka ny fampianarana ireo mpianatra manana fahasembanana ireo tao amin'ny akany marenina izay mpampianatra Fjkm avokoa. Ny tany amin'ny sekoly Fjkm Ziona Salazamay Toamasina ihany koa dia mpianatra manana fahasembanana arabatana 15 mianadahy, no nahazo fitaovana avy amin'ny tetikasa Mahay eo anivon'ny sekoly Fjkm. Nampahery sy nitso-drano azy ireo ny teo anivon'ny foibe Fjkm ary nirary soa azy ireo amin'ny fanadinana izay ho atrehiny amin'ny 6 jolay izao.

Rajo

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Miantsa A.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 26/06/2021 hatramin'ny 03/07/2021

- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinéma Rex) -020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1180-07-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

PARLEMANTA

Lany ny lalàna mahakasika ny fananan-tany tsy manana bokin-tany

Lany teny anivon'ny Parlemanta eto amin-tsika dia ny Antenimierandoholo, sy ny Antenimierampirenena ny lalàna mahakasika ny fananan-tany tsy manana bokin-tany. Izy io dia volavolan-dalàna laharana faha 024/2018 tamin'ny 17 jolay 2018 "mifandraika amin'ny fanovàna ny lalàna laharana faha 2006-031 tamin'ny 24 novembra 2006, izay mahakasika manokana ny fananan-tany tsy manana bokin-tany mazava misy ny anaran'ny tompony (propriété foncière privée non titrée)". Noraisin'ny Solombavambahoaka ireo fanitsiana sy fanovana nataon'ny Loholona ary nolaniana araka izay ny volavolan-dalàna. Ny tanjon'izao volavolan-dalàna izao dia hitandrovana ny tombontsoa iombonana amin'ny resaka fananan-tany sy fanamafisana ny fizakan' ireo olona mipetraka tamin'ny tany lavavolo izay misy azy ireo.
Anisan'izany ireto fanovàna manaraka ireto : fahafahana mangataka kara-tany ho an'ireo nanamainty molaly ny tany nandritra ny 15 taona. Ny moron-dranomasina dia mijanona ho tanim-panjakana. Ny kara-tany dia natao ho an'ny malagasy ray sy reny ary tsy ho an'ny "personne morale". Noferana ho 10 hektara ny tany najariana afaka angatahana kara-tany, raha mihoatra ny 10 hektara kosa dia afaka soratana amin'ny vadiny aradalàna. Fampitoviana ny fomba fanokafana ny Birao Ifotony Fananan-tany eny amin'ny kaominina. Ny tanim-panjakana mbola tsy misy " titre", ka tsy misy fanamaintisamolaly dia tsy tokony hamoahana kara-tany. Fiarovana ny tompon-tany manana kara-tany manoloana ny "expropriation". Fanomezana fahefana ireo Ben'ny Tanàna, mba hanafoana ny fanomezana kara-tany raha misy fahadisoana. Fahafahana manao kara-tany faobe.
Noho ireo antony ireo, aoka samy handray andraikitra haingana izay manana tany tsy vita titre sy borne, fa sao hanenina satria izay mahatonga taratasy mialoha sy madio lamba ankehitriny, no ho tompon-toerana raha tsy efa nivonona amin'ny ady maharitra ny tena nanamaitimolaly ny tany.

Stefa

Ortana

« Randonnée » Ambohidrabiby-Ambohimanga ny sabotsy 10 jolay izao

Hanatanteraka « randonnée » na fizahantany laroina fanatanjahantena dia an-tongotra ny Ortana, na ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany Analamanga ny sabotsy 10 jolay ho avy izao any Ambohidrabiby sy Ambohimanga ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano. 7 km ny halaviran-dalana amin'izao fizahantany laroina fanatanjahantena dia an-tongotra izao, hahafahan'ireo mpandray anjara mankafy ny tontolo iainana sy ny tontolo manodidina ary ny zava-bahoary amin'ireo toerana ireo : tendrombohitra 2, vohitr'Andriana manan-tantara ao Avaradrano. Ny fisoratana anarana amin'ny fandraisana anjara dia afaka hatao eny amin'ny zaridainan'Antaninarenina ny alatsinainy ka hatramin'ny sabotsy, amin'ny 9 ora maraina ka hatramin'ny 3 ora tolakandro.

Aly

Ny tontolo manodidina eo anelanelan'Ambohidrabiby sy Ambohimanga.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 354



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0353)

Mitsivalana
- Fararano
- Anana – AA
- Tranonay (miv)
- Bozaka
- Rà – Ota
- Ovy – Maro
- Aina – La

Mitsangana
- Fay – Roa
- Anabavy
- Rano – IN
- Ozona (miv)
- Rana
- Laoka (miv)
- Naratra
- Tao (miv) – Ao

TENY MIFANARAKA N° 354



Mitsivalana

1. Lakile hidin-trano **2.** Miaraa amin'ny basy (miv) – Ao amin'ny Baiboly **3.** Finoana **4.** Fanampin'anarana (miv) – Roa Romana **5.** Nianjera **6.** Saka **7.** Fotoam-pifidianana **8.** Fitsaboana ihany koa – Renirano **9.** Nisondrotanao **10.** Hekitara (miv) – Fotoana – Renintsoratra mitovy

Mitsangana

A. Mpiray monina maro **B.** Taova – Tazana (miv) **D.** Nomena **E.** Aizina mandindona – Kary **F.** Biby manidina – Anaty rano **G.** Jiaby – Tapaka **H.** Antsoantso mafy – Mpanondro **I.** Nangatahany (miv) **J.** Naoty – Mbola tsy antitra (miv) **K.** Tokana (miv) – Sahala (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0353

Mitsivalana

1. Sangisangy **2.** Ovy - OO - RN 3. Loharano **4.** Ravina (miv) - Tsy **5.** Fanina - Ry **6.** Ana - Ondana **7.** Namoy - OM **8.** Asa - Voay **9.** Saina (miv) **10.** May - Aviavy

Mitsangana

A Solafaka **B.** Nanova (miv) - Soa **D.** Nihinana **E.** Avy **F.** Ranomena **G.** Soarano - IV **H.** Noa (miv) - Divay **I.** Otra - Osa **J.** GR - Sinoa **K.** Inty - Amidy

KAOMININA AMBOHIDRAPETO

Manao ezaka fametahana jiro hanazavana ny tanàna

Manao ezaka fametahana jiro ho fanazavana ny tanàna amin'izao fotoana ny kaominina Ambohidrapeto, distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Ankoatra izany, manamboatra lalana mampitohy ireo fokontany ao aminy koa ankehitriny ny ao amin'ity kaominina ity. Noho izay antony izay, ho tapaka mandritra ny 7andro ny lalana midina an'Antsahakely, mampitohy Antsahamasina, fa misy fanamboarana atao mahakasika "dalle"simba manahirana ny fiara kely. Eo amin'ny resaka jiro, nirehitra nanomboka omaly koa ny jiro manazava ny tanàna, na ny antsoina hoe: éclairage publique, izay mampitohy an'i Nahimena sy Antsahamasina, samy ao Ambohidrapeto. Hanomboka ny alatsinainy ho avy izao kosa dia hirehitra ny an'ny fokontany Andrazara ary Merimandroso sy Antanetibe. Ny fokontanin'Ambohidrapeto no hamaranana izany hetsika fametahana jiro ao amin' ny kaominina izany.

Ny fametahana jiro ao amin'ny kaominina Ambohidrapeto.

Stefa

Fahasahiranan'ny kaominina eto Madagasikara

Andrasana indray ny fampanantenan'ny fitondrana

Andrasana indray izay fampanantenan'ny fitondram-panjakana momba ny tohana ho an'ny kaominina, raha ny tatitry ny Praiminisitra Ntsay Christian, nandritry ny fanazavana nentiny momba ny fitantanana ny firenena sy ny tohana samihafa teny amin'ny CCI Ivato, nandritra ny fihaonan'ny mpikambana eo anivon'ny governemanta sy ireo solombavambahoakan'i Madagasikara. Anisan'izany ny tokony hanohanana ny kaominina ara-bola sy fitaovana ahafahany manao foto-drafitrasa ifotony. Raha tsiahivina anefa, dia mbola maro ireo kaominina eto amintsika no tsy mbola nahaloa ny karaman'ny mpiasa ao aminy akory tao anatin'ny taona, indrindra taorian'ny fifidianana ben'ny tanàna, satria tsy nisy ny famatsiam-bola ho azy ireny. Manginy fotsiny ny resaka fanavakavahana ireo ben'ny tanàna tsy mitovy firehana, ankoatr'izay dia ny hamehana ara-pahasalamana teto amintsika tao anatin'ny roa taona. Ho tanteraky ny fitondrana indray ve izany izay fampanantenana izay? sa ho lasanko vavany fotsiny satria mbola maro ireo kaominina no tsy mandeha na ny fitantanana, na ny fidiram-bola sns… ka mivoaka sempotra satria ny hetra tsy miditra, ny fanampiana tsy misy, manginy fotsiny ny fidangan'ny vidim-piainana ankehitriny. Ankoatr'io, dia mbola angatahin'ny kaominina ihany koa ny fomba fitantanana ny volan'ny kaominina, misedra olana izy ireo satria tsy nitovy tamin'ny taloha intsony ny fomba famoaham-bola amin'ireo kaominina sasany eto Madagasikara noho ny fanapahan-kevitry ny fanjakana.

Rajo

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Hetsika nataon'ireo mpampianatra Fram any Manakara, faritra Vatovavy Fitovinany.

Kianja Mitabe any Antsiranana, tsy mety vita efa hatramin'ny taona 2009, ka hatramin'izao, nefa fampanantenana nataon-dRajoelina ny hanao azy haingana tamin'izany.